# FANAMBARANA IOMBONANA

Manoloana ny toe-draharaham-pirenena amin' izao fotoana izao, indrindra taorian'ireo tsy fahatomombanan'ireo fifidianana nifanesy natao teto amin'ny firenena sy ireo fitarainana maro samy hafa avy amin'ny faritra maro nandritry ny fifidianana Ben'ny tanàna sy mpanolotsaina farany teo dia nisy ny fihaonana teo aminay mirahalahy Filoham-pirenena teo aloha, Marc RAVALOMANANA sy Hery RAJAONARIMAMPIANINA. Noho izany dia manao izao fanambarana izao izahay:

*Maneho ny ahiahinay* amin'ny ho avin'ny firenena noho ireo fanitsakitsahina miverimberina ny lalàmpanorenana sy ireo lalàna mifehy ny fifidianana ataon'ny mpitondra isan'ambaratongany sy ny CENI miaraka amin'ireo ratsa-mangaikany.

*Mahatsapa* fa na dia nisy aza ny fandeferana nataonay tamin'ireo vokam-pifidianana teo aloha mba hampanjakana ny filaminam-bahoaka ka ahafahana miroso amin'ny fampandrosoana ny firenena, dia mbola nitohy sy hita hatrany ny fandikana ny lalàna 2018-008 izay mifehy ny fifidianana. Santionany amin'izany ny fikitihana ny lisim-pifidianana, ny fampiasana kara-panondro sandoka, ary ireo hosoka marobe izay hanana porofo mitohaka amin'ny tendany ka efa napetraka eny anivon'ny fitsarana mahefa,

Noho izany,

1. *Manameloka tanteraka* ireo fandikan-dalàna tsy misy farany sy ny fanitsakitsahina ny zo fototry ny vahoaka Malagasy indrindra amin'izao andro 10 Desambra, izay andro iraisam-pirenena momba ny zon'olombelona izao.

2. *Mametraka ny fitokisana* amin'ny fahendren'ny mpitsara mahefa izahay mba hitsara sy hampanjaka hatrany ny fahamarinana mba ho tena tany tan-dalàna tokoa ny firenena.

3. *Manao antso avo* amin'ny Malagasy rehetra, na ny eto antoerana na ny any ivelany, mba hiray hina ary hikatsaka hatrany ny tombontsoa ambonin'ny firenena. Manamafy hatrany izahay fa ilaina ny fampihavanam-pirenena mba ahafahana miroso amin'ny fampandrosoana ny firenena.

Androany, 10 Desambra 2019

Marc RAVALOMANANA

Hery RAJAONARIMAMPIANINA